## Fanendrena governora

### Tsy tokony hijery arina an-tava ireo mpahay lalàna matahotra an'Andriamanitra 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 5 oktobra 2019 Laharana 962 Vidiny : 400 Ar


**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 155), Madagasikara 02 Oktobra 2019** 5


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Bacc nisavorovoro sy halatra laza adina** 2

# Miala no mety amin'i Blanche R. sy Richard R.



**Kandida Rina N°2 Antananarivo** 2

# Mitondra vahaolana amin'ny toerana izay alehany



**MASOIVOHON'I ALEMAINA** 2

## Tokony ho eken'ny rehetra ny lalànan'ny mpanohitra hivoaka



**Barea CHAN** 6

Hikatroka amin'ny ekipan'ny Zanakala rahampitso etsy Mahamasina

**Fikambanan'ny Ampanjaka** 3

Manakiana ny tsy mety ataon'ny mpitondra eto amin'ny firenena

**9 - 12 oktobra** 6

Ho ambohimpihaonan'ny polisy vavy sy vehivavy vadina polisy i Toliara

**Daka kely**

Tena tsy tafa mihitsy ilay vazaha be ry Boaikely a !

**Boriboritany faha-6 (CUA)** 5

## Manatanteraka varavarana misokatra ho an'ny rehetra mandritra ny 2 andro



KANDIDA RINA N°2 ANTANANARIVO

## Mitondra vahaolana amin'ny toerana izay alehany

Teny amin'ny boriboritany faha 4 Ankadimbahoaka Atsimo sy ny toby fiantsonan'ny taksibrosy teny amin'ny fasan'ny karana, no notsidian'ny kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Rina N°2 eto Antananarivo omaly tolak'andro. Niara-dia hatrany tamin'ny kandida Rina Randriamasinoro tamin'ny toerana izay nalehany ny depiote voafidy tao amin'ny boriboritany faha 4 Ramboasalama Emilien ary ireo kandida mpanolotsaina ny tanàna. Tao anatin'izany no nihainoany hatrany ny hetahetan'ireo mponina izay nifanena taminy, ka avy hatrany dia nisy ny vahaolana teo ho eo ihany. Nanome toky ireo mpitatitra ao amin'ny fasan'ny karana ny tenany fa hiara-hiasa izy ireo, indrindra ny hisian'ny fahadiovana ao an-toerana. Ho an'ny mponina teny amin'ny fokontany Ankadimbahoaka Atsimo dia araka ny fampanantenana izay natao ny mba hisian'ny fitandremana amin'ny loza rehefa miampita lakana, indrindra amin'ny fotoanan'ny rano be dia nisy ny fanolorana salotra aina na gilet de sauvetage ho an'ireo mpitondra lakana sy ny mpandeha hisorohana ny loza mety hitranga. Rehefa misy ny fiarahamientana eo amintsika hoy ny kandida Rina N°2 dia mandroso Antananarivo, satria ny tonga miaraka no fanombohana, ary ny miasa miaraka no fahombiazana.



***Helisoa***

Masoivohon'i Alemaina

## Tokony ho eken'ny rehetra ny lalànan'ny mpanohitra hivoaka

Nahatratra 252 tapitrisa Euro hatreto ny fiarahamiasa ho amin'ny fampandrosoana anampian'ny Repoblika Federalin'i Allemagne an'i Madagasikara. Nankalazaina ny alakamisy 3 oktobra teo, teny amin'ny Villa Berlin Ambatoroka ny fetim-pirenena allemande. Ny fetim-pirenen'i Allemagne nankalazaina io dia ny fankalazana ny fitambaran'i Allemagne indray ny 3 oktobra 1990, ny faha-30 taonan'ny firodanan'ny rindrin'i Berlin, ny 9 novambra 1989 ary ny faha-70 taonan'ny lalàna fototra any amin'ny Repoblika Federalin'i Allemagne (RFA). Nisolotena ny fitondrana nandritra izany ny ministry ny fampianarana ambony ny Profesora Blanche Nirina Richard, nanome voninahitra ny fotoana ny filohan'ny Antenimierampirenena Christine Razanamahasoa, ny filohan'ny HCC Jean Eric Rakotoarisoa, ny filohan'ny CFM Maka Alphone, mpikambana ao amin'ny governemanta. Niatrika izany koa ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, sady filohan'ny vondron'ny mpanohitra RMDM, Marc Ravalomanana. Nambaran'ny ambasadaoron'i Alemaina vaovao eto amintsika, Michael Derus, fa io fanampiana amin'ny fampandrosoana anampian'i RFA an'i Madagasikara mitentina 252 tapitrisa Euros io dia misandrahaka amin'ny sehatry ny fanampiana ara-bola, ara-teknika, ary eo amin'ny sehatry ny maha-olona. Ireo sehatra iasana amin'izany dia eo amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy toetrandro, ny fiarovana ny biby sy ny zava-maniry, ny fanohanana eo amin'ny sehatry ny fitsinjaram-pahefana tena izy sy ny fanohanana ny kaominina, eo ihany koa ny sehatry ny angôvo azo havaozina ary ny fanohanana ny sehatra tsy miankina. Tetikasa hafa anampian'i Allemagne an'i Madagasikara koa hoy ny ambasadaoro ny eo amin'ny sehatry ny kolontsaina sy sosialy iarahana amin'ny foibe ara-kolontsaina Germano-Malagasy, ny Friedrich Ebert Stiftung, ny DAAD, na ny Ofisy allemande misahana ny fifanakalozana eo amin'ny sehatry ny Oniversite. Momba ny fifidianana eto Madagasikara, vola mitentina 1,3 tapitrisa Euros no efa narotsaky ny RFA ao amin'ny kitapom-bola SACEM, mirary soa ho an'ireo mpifaninana rehetra amin'ny fifidianana kaominaly ny ambasadaoro Michael Derus noho izany. Mirary ny CENI hahavita ny adidiny koa izy, ary ny governemanta amin'ny ezaka ataony hisian'ny fifidianana mangarahara, demokratika, milamina ary eken'ny rehetra. Nosoritany koa fa ny volana septembra teo dia nisy delegasiona parlemantera Malagasy nitsidika an'i Alemagne noho ny fanasan'ny Bundestag, parlemanta any an-toerana, iriana hoy izy mba ho eken'ny rehetra ny lalàna momba ny mpanohitra hivoaka eo, eto Madagasikara.



*Ny filoha Marc Ravalomanana, nanatrika ny fetim-pirenen'i Allemagne teny Ambatoroka.*

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fitantanam-pirenena : vahaolana tefy maika hatrany no tena hain'ny fitondrana Rajoelina

Vahaolana tefy maika inona indray no hapoitran'ny fitondrana Rajoelina manoloana ireo olana maro samihafa mitranga eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao? Ny vahaolana nentiny hatramin'izay na tamin'ny andron'ny tetezamita, na ny ankehitriny dia tsikaritra mandrakariva izany. Niaraha-nahita ny nataony tamin'ny olana momba ny fiakaran'ny vidintsolika, ka nifampikatrohany tamin'ireo mpandraharahan'ny solika. Tsy nanova n'inona n'inona teo amin'ny fiainam-bahoaka ny fampihenana ariary zato, ary tsy nampihontsona ny fangoronan-karenan'ireo goaibe eo amin'io sehatra io. Tsy mitsahamitombo ny tsy an'asa isan-taona eto amin'ny firenena kanefa tsy hita soritra mihitsy izay vahaolana. Ireo tsy an'asa ireo anefa no mameno ny araben'Antananarivo renivohitra amin'ny varotra ataony. Andraikitry ny fitondrana ny fikarohan-dalana ahafahana mamorona asa ho azy ireny mba tsy ho eny an'arabe no mamorona asa izy ireo, fa tsy an'ny kaomina velively izany. Ny fitondrana sy ny olony miara-dia sady mpanohana azy indray no mahavariana fa mitsikera ny kaomina amin'izany.
Mikasa ny hampitombo ny voka-bary eto amin'ny firenena ka hanitatra tany hovolena ny fitondrana Rajoelina. Izao anefa iaraha-mahita ity fikasana hanototra tanimbarim-bahoaka eny Ambohitrimanjaka ity, ka hampihena ny voka-bary eto Antananarivo ary manohintohina ny tantara maha izy azy iny faritra iny. Mampikaikaika ny vahoaka ny fidangan'ny sondrobidim-piainana isan'andro. Vahaolana tefy maika amin'ny fikasana hanao tsena mora no nasetry izany. Eo koa ny olam-bahoaka amin'ny trano fonenana, dia vahaolana amin'ny fikasana hanao trano mora no natolotry ny fitondrana. Firy amin'ireo vahoaka sahirana ara-ponenana ireo anefa no hahazo izany? Ankehitriny mitranga ity ny olana amin'ny fanadinana bakalorea. Vahaolana hanao ahoana indray no atolotra, ankoatra ny amin'izay fepetra noraisina maimaika amin'ireo nahavita heloka? Ampoizina ho tefy maika ihany indray koa io, ka ny fototr'aretina hotsaboina maimaika. Tamin'ny andron'ny tetezamita, dia natao tefy maika ny lalampanorenana ary noezakezahina izay nandaniana azy. Dia izao mizaka ny vokany izao ny firenena aty aoriana, izay niseho izany vao nanomboka niditra tamin'ny fifidianana filoham-pirenena. Io iaraha-mahita io indray koa izao ny resaka governora…
Sehatra maro no anaovan'ny fitondrana Rajoelina vahaolana vonjy tavan'andro, raha atao mahitsy ny filazana azy, fa santionany ireo nolazaina ireo. Maneho indrindra izany, fa tsy voaomana matotra mihitsy ny zavatra ho atao sy hitantanana ny firenena, hany ka tsy hita soritra mazava izay fivoaram-piainan'ny vahoaka sivy volana aty aoriana.

***Sôh'son***

Bacc nisavorovoro sy halatra laza adina

## Miala no mety amin'ny ministra Blanche R. sy Richard R.

Tongo-bakivaky sady maharary no mahamenatra, satria ny fanadinana Bakalorea mamarana ny ambaratonga faharoa sady vavahady idirana amin'ny ambaratonga ambony no nitrangan'ny fivoahan'ny laza adina mialoha, toerana vitsivitsy no tratra fa ny azo antoka dia faritra maro no tsy maintsy niparitahan'ny laza adina tafavoaka, satria amin'izao fotoana izao dia tena haingana ny fanelezambaovao noho ny fivoarana ara-teknolojia. Noho izay antony izay, miala no mety amin'ireo tompon'andraikitra voalohany amin'izany dia ny ministry ny fampianarana ambony Profesora Blanche Richard, sy ny sekreteram-panjakana amin'ny zandarimariam-pirenena ny jeneraly Richard Ravalomanana, izay mpiantoka voalohany ny fiambenana ireny laza adina ireny ny zandary eo ambany fifehezany.
Nisy ny fisamborana tompon'andraikitra sy mpianatra, ny SECES dia mangataka ny hamerenana manontolo ny fanadinana satria mahatsapa ireo mpampianatra mpikaroka ireo fa tsy mahafeno intsony ny fepetra maha ara-dalàna ny fanadinana ny zava-niseho.
Andrasana izay fanapahan-kevitra avy amin'ny fitondrana foibe, tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa raha tany amin'ny firenena mandroso ny toy izao, dia efa nametra-pialana ny ministra voakasik'izao raharaha izao araka ny efa voalaza teo dia ny ministra misahana ny fampianarana ambony izany sy ny ao amin'ny zandarimariam-pirenena, any ivelany any, fonja iray no vaky dia mametra-pialana ny ministry ny fitsarana, fiarandalamby no iharandoza dia mametra-pialana ny ministry ny fitaterana, fa ny eto amintsika dia fanadiovantena sy fanilihana andraikitra any amin'ny ambanimbany no mahazatra ny tompon'andraikitra faratampony.
Ny azo antoka aloha dia hisy ny fanasaziana, ka ny mpianatra voarohirohy dia mihintsana avy hatrany amin'ny fanadinana, ankoatr'izany dia mety hisy fampidirana am-ponja sy fandoavana onitra hafa-tsy ny tsy fahafahana miatrika fanadinana ara-panjakana amin'ny fe-potoana voafetra.
Ny mpampianatra sy ny mpandraharaha tafiditra amin'ny hosoka indray dia higadra sy handoa onitra ihany koa , ho voaroaka amin'ny asany ary tsy ho afaka hanao asam-panjakana intsony.
Sanatria tsy hoe manamaivana ny hosoka amin'ny fanadinana toy izao, fa mbola loza lavitra ho an'ny firenena ny hala-bato niseho teto amintsika, ny tena nampivarahontsana dia ny ambaratongampahefana natao itarainana , dia sahy nanao valy boraingina tao anatin'ny fitsarana manetriketrika nanao hoe " azo raisina fa tsy mitombina" tamin'ireo fitarainana nahitam-porofo, ireo izay tsy nanara-dalàna dia tsy voasazy fa vao mainka aza nahazo fahefana.
Dia ho hita eo izay fanapahankevitra avy amin'ny tompompahefana amin'izao raharaha Bakalorea izao, ho ekena ve ny fangatahan'ny SECES amin'ny famerenana ny fanadinana izay fantatra fa hisy fiantraikany amin'ny toe-tsain'ny mpiadina sy ireo ray amandreny efa lany mondronkery. Ny fanontaniana ilam--baliny ihany koa dia iza no iantoka ny lany amin'ny famerenana?
Araka ny efa nambara tetsy aloha dia tsy zava-doza noho ny hosoka tamin'ny fifidianana ny hosoka tamin'ny fanadinana. Ny fifidianana efa vita iny ary ny mpifaninana tsy lany aza efa nanaiky ny vokatra, na dia fantany aza fa tsy araka ny tokony ho izy, fa ny andrandraina dia mba hadio tanteraka amin'izay ny fifidianana manaraka, amin'izay koa dia tsy ho" tena fanina" araka ny nambarany ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, ka hijery amin'ny saina tsy miangatra ny fanolanana ny lalampanorenana sy ny zotram-pififidianana ho avy izao.

***Ny Valosoa***

Ny Valosoa sy hadihady

# Fiainam-pirenena : toy ny toho miditra am-bovo ny mpitondra, ka mazava idirana, fa maizina ivoahana

Tsy misy lohany sy vodiny intsony (tenant et aboutissant) ny fitantanana ny Firenena amin'izao fotoana izao satria nihazakazaka any aloha any ny mpitondra amin'izao Repoblika IV izao, kanefa rehefa tonga ety antenantenany dia miverina an-dàlana indray ary tsy mahay manitsy ny tifitra sady tsy manana ny fahaiza-manao entina mandrindra izay kinasa. Tamin'ny taon-dasa dia naderadera tany amin'ny renivohitr'i Lafrantsa ny IEM (Initiative emergence Madagascar) narafitry ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry Nirina, ho fampandrosoana ny Firenena, hono. Rehefa nahazo nirotsaka kandidà ho filoham-pirenena izy dia nivadika ho "vely rano" indray izany ary amin'izao fotoana izao dia ilay laharana azony tamin'ny antsapaka no entiny eran'ny tanàna izay nihofo ho "vina 13". Tsy fantatra raha ny lehiben'ny tetikasan'ny fiadidiana ny Repoblika no tsy mahafehy tsara ny tontolo manodidina ny fiainam-pirenena sy ny fiainam-bahoaka amin'ny ankapobeny, ka mitsingetangetana miantsampy amin'izay heveriny fa mety mahasoa sy mety hahazoan'izy samy izy tombontsoa manokana tsy manombana izay mety ho fiantraikany ratsy eo amin'ny fiainam-bahoaka.

Vao tonga teo amin'ny fitondrana Rajoelina Andry Nirina dia tany amin'ny faritra Atsimon'ny Nosy izy nampanantena (vely rano) fa tsy hijaly rano intsony iny faritra iny satria hapetraka tsy ho ela ilay fantsona lehibe hamatsy rano, tsy ny mponina ihany fa ny biby fiompy sy ny fambolena ihany koa. Raha ny marina dia fotodrafitrasa efa nisy no natsaraina ary ny Sampan-draharahan'ny Firenena Mikambana momba ny ankizy (Unicef) no namatsy vola. Tsy mbola fantatra aloha izay tohin'ny tantara satria toa mangingina tsy fantatra izay niafarany. Iaraha-mahalala fa miaina ao anatin'ny fahasahiranana tanteraka eo amin'ny resaka famatsian-drano koa ny tanàn-dehibe maro amin'izao fotoana izao, ka daba mavo no mitandahatra miandry rano andro aman'alina. Tsapa amin'ny toejavatra iainan'ny vahoaka fa tsy voafaritra sy tsy voavinavina ao amin'ny IEM na ny "vina 13" ny mety olana tsy maintsy hatrehina, ka tsy misy ny paikady mazava momba izany. Lasa mikaroka vahaolana ankamehana fotsiny ny mpitondra ka mitady teboka (points d'eau) hanaovana lava-drano etsy sy eroa, izay mbola mila fitaovana maro hitrohana sy hitarihana ary hitahirizana ny rano (pompes, conduites, chateau d'eau), ka volana maromaro izany vao hahitam-bokatra.

Iaraha-mahalala fa olana ara-tsolika no mahatonga ny fahatapahan-jiro any amin'ny tanàna maro manerana ny Nosy. Amina arivo tapitrisa maro anefa ny trosan'ny orinasam-panjakana Jirama amin'ny mpamatsy solika azy. Efa nisy fifampiraharahana maro miantoana momba izany, ka rehefa nihenjana ny Tahirim-bola iraisam-pirenena (FMI) fa tsy maintsy atao iraisam-pirenena ny tolotr'asa (appel d'offres international) ny famatsiana solika ny Jirama dia nofoanana ny fampiraharana niarahana tamin'ny Jovena. Mazava ho azy koa fa tsy voavinavina ihany koa izany olana izany, ka rehefa ny avy any ivelany no manery vao mikoropaka ny mpitondra. Asa moa izay fomba entina manilika ny trosa na ho very an-javony izany.

Mety mba ho ao amin'ny "vina 13" ihany angamba ny fahavitantena ara-tsakafo sy ny hahasompitry ny aty amin'ny ranomasimbe Indiana an'i Madagasikara saingy tsy misy fandrindrana matotra momba izay tokony hatao eo amin'ny sehatry ny fambolena. Ho tofana ny tanimbary arivo hektara eny amin'ny faritra andrefan'Antananarivo kanefa ny mifanohitra amin'izany no nataon-dRajoelina Andry Nirina tany amin'ny faritra Matsiatra Ambony, satria nomeny masomboly sy zezika ny tantsaha mpamboly any. Tsy misy tsy mahalala izay mety ho fiantraikan'izany eo amin'ny mponina amin'ireo faritra roa ireo, ka ny fahorian'ny sasany tokoa mety ho fifalin'ny hafa.

Tsy vao izao no nisy ny programam-panabezana (programme sectoriel education), fa rehefa miova andriana, dia miova sata, ka izay tonga rehetra eo amin'ny fitondrana dia mikitika azy avokoa. Tsy ny resaka faharetan'ny taom-pianarana no asian-teny satria heverina fa tsy miankina amin'ny halavany na ny hafohiny no mahatonga ny voka-panadinana hijotso, ka mila fakafakaina tsara ny tontolo manodidina ity sehatra ity, indrindra eo amin'ny resaka fotodrafitrasa.

Marary toy ny any amin'ny sehatra rehetra misy eto amin'ny Firenena ny fanabeazam-pirenena, ka tsy ny fijotson'ny voka-panadinana ihany no azo itarafana izany fa vao omaly no niarahan'ny mpiadina sy ny ray aman-dreny niaina ny fivoahan'ny laza adina mialohan'ny fotoana, izay niteraka savorovoro tany amin'ny tanàna maro manerana ny Nosy. Tsy misy afaka manamarina hatramin'izao fa tsy nitranga tamin'ny foibem-panadinana rehetra ity toejavatra ity. Niarahanahatadidy anefa fa nisy fepetra hentitra, hono, tamin'ny fandrafetana ny laza adina satria nihiboka efapolo andro, tsy nahazo nifandray tamin'ny taty ivelany, ireo niketrika izany. Mbola taratry ny tsy fahaizamifehy ny sehatra rehetra misy ihany koa ity resaka fanadinana bakaloreà 2019 ity. Niseho ho manam-pahaizana eo amin'ny sehatra rehetra izay nandrafitra ny "IEM" sy ny "Vina 13" kanefa dia fahafaham-baraka tsy roa aman-tany ho an'ny mpitondra ity toedraharaha ity satria tao anatin'ny indray mipi-maso dia niparitaka eran'izao tontolo izao ny vaovao. Tsy fisandratana araka ny nandrasana no misy eto Madagasikara fa mikoroso fahana, tsy ara-pihariana sy ara-piaraha-monina ary ara-pahalalàna ihany fa indrindra indrindra ara-toetsaina.

**Andry Tsiavalona**

## NY TENY FIAINANA

***II Korintiana 4:18***

*Raha tsy mijery ny hita izahay, fa ny tsy hita; fa ny hita dia ho vetivety foana, fa ny tsy hita no haharitra mandrakizay.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Fanendrena governora : tsy tokony hijery arina an-tava ireo mpahay lalàna matahotra an'Andriamanitra

**Andriamihaja Kevin :** tsy sasatra mihitsy ny tenanay miantso ireo mpahay lalàna matahotra an'andriamanitra mba hijoro ! aza mijery arina an-tava tompoko raha tena tia tanindrazana tokoa ianareo ! governoram-paritra hita fa manolana ny lalam-panorenana izao dia toa jerenareo fotsiny.

**Ralantonirina Jean Lucien Haja :** nanontanian'ny mpanao gazety izy omaly (ny filohan'ny HCC) hoe mody fanina ve ianao, ny valin-teny nomeny ny mpanao gazety dia ny hoe "TENA FANINA FA TSY MODY FANINA", izay vao notohizany t@ ilay hoe misy fotoana hitenenana.

**Ralantonirina Jean Lucien Haja :** dia tena fanina ihany na koa hoe tsy azo raisina sy tsy mitombina ihany eh!

**Francia Ratsiresy :** efa nisotro ny ranony ity e, tsy afa-miala fa ao anaty haratony, hita izao fa tsy aradalàna fa dia toa ekena ihany.

**Andriamihaja Kevin :** manana mpahay lalàna marobe isika ary ho tsaraina koa izy ireny raha sahy mijery izao fandikàn-dalàna izao.

**Sia Stéphanie :** reo nge ef lany henatra e , efa matavy am fitiavankely.

**Andriamihaja Kevin :** misy fetrany io an ! Any @ taranany no hivaly.

**Andriantsoa Alain :** efa tsy manisy hasina ny lalàna fa efa zatra ny azo raisina fa tsy mitombina.

Andriamihaja Kevin : mandany volam-bahoaka ! Natao hiaro ny tsy manara-dalàna ireo .

**Andriantsoa Alain :** efa nisotro ny ranon'Ambatobe ireo , fotoana izao ifohazana, mila miverina amin'ny ara-dalàna i Madagasikara fa raha tsy fanarahandalàna foana no eto, tsy handroso mihitsy.

**Oleif Natiora :** ka izy hono tena fanina mihitsy fa tsy mody fanina!

Koa inona no ilàna azy rehefa tsy manam-pahefana hanitsy, handà sy hanome soso.kevitra. Aleo very fahamarinanana toy izay tsy mahazo vola!

**FIKAMBANAN'NY AMPANJAKA**

# Manakiana ny tsy mety ataon'ny mpitondra eto amin'ny firenena

Mila manatona ny Fikambanan'ireo Ampanjaka eto Madagasikara ny fitondrana amin'ny fanaovanjavatra toy ny fanamboarana ny Rova. Manambola ampy hamitana anio Rovan'i Manjakamiadana io izahay, hoy ny nambaran'ny filohany, Rabarihoela Ndriana, nivahiny tao amin'ny fahitalavitra tsy miankina iray. Nambarany fa ry zareo irery dia afaka hahavita ny fanarenana ny Rova, ary tsy ilainy ny fanohanana na fanampiana ara-bola avy amin'ny fitondrana. Manana olona amina sokajina sehatra samihafa hatrany amin'ny fanarenana ny kaompaniam-pitaterana an'habakabaka Air Madagascar ry zareo



andriana, raha araka ny nambarany. Miteny izay tsy mety eto amin'ny firenena izahay, hoy izy. Maro ireo zavatra nokianiny nandritry ny resaka nataony, ary miiba ny zavamisy eo amin'ny fitantanana ny firenena raha ny fahitany azy. Tsy eken'izy ireo ny tetikasan'ny fitondrana Tanamasoandro kasaina hotanterahina eny Ambohitrimanjaka ankehitriny. Tsy tokony ho eny amin'iny faritra iny no hanaovana io tetikasa io raha ny nambarany. Nasiany resaka ihany koa ny amin'ny fahantram-bahoaka. Nosoritany araka izany fa tsy izao olona rehetra izao akory dia afaka hitondra firenena. Mazava loatra fa ireo olona eo amin'ny fitondrana no tiany ambara amin'izany. Midika tsotra izany, fa tsy mety amin'ny fomba fijerin'ny Andriana ao anatin'ny fikambanana ny fomba fiasan'ny fitondrana Rajoelina amin'izao fotoana izao. Nosoritany mazava koa anefa, fa ny toerana misy azy ireo dia tsy ao anatin'ny rafitra ara-panjakana misy eto amin'ny firenena, fa ivelan'izany tanteraka.

**Sôh'son**

TONONKALO

## Mody fanina sa tena fanina ?

Hay tsy modimody fanina f'efa fanina tanteraka ?
Angaha nenjehin`ny eritreritra no dia reraka dia reraka ?
Very hevitra satria mba mana-maso nefa pahina ?
Haitraitran`ny mpitondra sa lalàna no narahina ?

Raha ianao mpitsara avo no efa fanina toy izao,
Dia `ndeha mba saino sy hevero ny manjo ny ambaninao.
Moa mbola mety ny mangina sady manakombom-bava,
Nefa ity ny firenena mila ho potika sy rava ?

Dia hangina , dia hangina , nefa mandra-pahoviana ?
Sao `ty fahanginan-dava tena ho nenina any aoriana !
Moa tsy izao ve no fotoana ijoroana mba ho mendrika ?
Tena izao fa tsy rehefa injay ny sambo fa ho rendrika.

Dia potsirina ny vay ka itadiavam-panafody,
Fa tsy hoe mangina fotsiny dia ho sitrana tsy miody.
Noho izany dia ianao mpitsara avo no tazanina,
Fa tsy faly hiteny hoe :"Izaho koa aza anie mba fanina !"

Miandry anao ny firenena f'aza faly hisonanina.
(Mety ianao ho tena fanina na koa modimody fanina.)
Fa ny andrasana aminao dia ny hilazana , hanambaràna:
Moa ve tena nodikaina sa nohajaina ny lalàna ?

**DADAN`i ZINA (04-10-19)**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny varavarana misokatra nokarakarain'ny CUA tao amin'ny Boriborintany faha-6.










FAHATSIAROVANA AN'I MAHATMA GANDHI

## Nosantarina any Antsiranana ny fankalazana ny Faha 150 taona nahaterahany

Fampianarana Yoga ataon'ireo tatsambo Indianina ho an'ny tantsambo sy ny tafika Malagasy ary ho an'ireo mponina any an-toerana, izay liana amin'izany, no nanokafan'ny Masoivohon'i Inde ny fanamarihana ny faha150 taona nahaterahan' ny mpitolona Indianina tamin'izany fotoana, Mahatma Gandhi. Efa niatrana tao amin' ny seranan-tsambon' Antsiranana nanomboka ny 02 Oktobra ireo sambon' ny tafika Indianina izay miisa 4 dia ny sambo Sujata; ny sambo Shardul; ny sambo Ins Tir ary ny sambo Icgs Sarathi. Nilaza Andriamatoa Abhay Kumar, Masoivohon'i Inde eto Madagasikara, fa ny fanamafisana ny fandriampahalemana amin'ny ranomasimbe Indianina no antony nahatongavan' ireto sambon'ny tafika Indianina ireto eto Madagasikara. Nisy ny fitsidihana an'ireto sambo Indianina ireto nataon'ny Masoivohon'i Inde niaraka tamin' ny Minisitry ny fiarovampirenena sy ny lehiben'ny tafika an-dranomasina Malagasy, niaraka tamin'ireo tompon'andraikim-panjakana any Antsiranana nanomboka ny 03 Oktobra 2019 lasa teo. Ankoatra izay dia maro ireo hetsika entin'ny Masoivohon'i Inde mankalaza ny faha 150 taonan'i Mahatma Gandhi, manomboka amin'ity volana ity, ao anatin'izany ny fanofanana ny mpianatra mba hampiasa ny herin'aratra azo havaozina avy amin'ny herin'ny masoandro"Kit solair"; hisy ihany koa "Festival "mikasika ny sakafo mifanaraka amin'ny fiovaovan'ny toetr' andro, eo ny fampiasana ny fahatsiarovana an'i Mahatma Gandhi amin'ny hajian'ny Paositra Malagasy. Marihina fa isaky ny 02 Oktobra no andro iraisam-pirenena natokan'ny Firenena mikambana iadiana amin'ny herisetra.

***Franck Razakambelo***



*Ny olo-malaza Indiana, Mahatma Gandhi.*

# Sakafo Ny Valosoa



Vary maity, na vary amin'ny soja indray no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Sakafo tsy misy hena izy ity. Ovy frite na ovy nendasina no hilaofana azy. Tsara raha hasiana lasary voatabia koa miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

# NY VALOSOA sy Mahasoa

## Fisorohana torimaso tapaka

Fisorohana torimaso tapaka indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Akora ilaina : tantely ¼ sotro kely, diloilo kôkô madio tsy misy fangarony 1 sotro lehibe, sira vovony 1/8 sotro ly. Fikarakarana : misy fomba roa azo anaovana azy, ka izay mety aminao hatao

1 / Afangaro ny diloilo kôkô sy ny tantely izay vao alefa ao ny sira. Maka 1 sotrokely amin'io fangaro io dia tapohina rano 1 vera. Sotroina avy hatrany.

2/ Hanina mitokantokana avy ny tantely sy ny diloilo kôkô dia misotro rano 1 vera. Raha efa izay vao misotro rano 1 vera nasiana sira.


Tsy ho tapa-torimaso intsony ianao.



# NY VALOSOA sy Mahaliana

## Ny tanànan'Ankarangona any amin'ny distrikan'Antsiranana II

Ny tanànan'Ankarangona any amin'ny distrikan'Antsiranana II, faritra Diana indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity, iva toerana ihany izy satria 70 m no haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpamboly sy mpiompy ny mponina any, vokatra any ny vary, kôkômbra, ny voatabia, sns… Mampalaza ity toerana ity ny fisian'ny Tsingy Mena na Tsingy Rouge.



*Tsingy Mena, hita any Ankarangona, Diégo II.*

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 155), Madagasikara 02 0ktobra 2019

***Efesiana 1: 19-24 "Ary ny fihoaran'ny halehiben'ny heriko ho anareo izay mino, araka ny fiàsan'ny herin'ny faherezako, izay nataoko tao amin'i Kristy tamin'ny nananganako Azy tamin'ny maty sy ny nampitoerako Azy eo ankavanako aty an-danitra, ambony lavitra noho ny fanapahana rehetra sy ny fahefana sy ny hery sy ny fanjakana ary ny anarana rehetra izay tononina, tsy amin'izao fiainana izao ihany, fa amin'ny ho avy koa, dia nampanaiky ny zavatra rehetra ho eo ambanin'ny tongony AHO ka nanao Azy ho Lohany manapaka ny zavatra rehetra ho an'ny fiangonana, izay tenany, dia ny fahafenoan'izay mameno izao zavatra rehetra izao amin'ny rehetra".***

Ry mpanompoko, ry zanako, ry mpanao ny asako, ry ilay miandry Ahy amin'ny fitiavana am-pinoana henoko avokoa ny hetahetanareo, fantatro avokoa ny ao am-ponareo rehetra tsy an-kanavaka. Fa tokana ny Teniko e, Fitiavana, Famonjena, Fahatanterahana.
Ny zavatra ho avy? Izany no fiarahamiasa Amiko. Ny zavatra efa nisy? Izany no fahatanterahana. Izay mbola ho avy? Apetraho am-pinoana.

Ry olombelona ô! Aza mitady ny sarotra, ny mampahory, ny mampijaly, ny mahafaty kanefa tsy manana vokatra akory. Izao no Teniko: IZAHO JEHOVAH no miteny, kely sisa ny fotoana anananareo eo amin'ny fiainana, mba hararaoty ihany, mba ekeo ihany, mba fantaro ihany dia mba inoy ihany fa ho tampoka aminareo izay hiseho ambany masoandro na dia tsy mitovy aza. Tsotra ny miala amin'izany: **mibebaha fotsiny dia miorena tsara** fotsiny ho an'izay mahalala ka aza miovaova. ***I Korintiana 15: 58*** *"Koa amin'izany, ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo."* Mbola tsy mahalala ny amina inona na inona ny amin'ny zava-panahy hianao? Fantaro fotsiny, Iza moa AHO izay mampianatra anao sy manafatra anao. JEHOVAH no Anarako, JESOSY KRISTY no Zanako ary ny FANAHY MASINA no Fitaovana Mahery napetrako eo aminareo. ***I Jaona 3: 23-24*** *"Ary izao no didiko, dia ny hinoanareo ny Anaran'i Jesosy Kristy Zanako sy ny hifankatiavanareo araka ny didy nomeko anareo. Ary izay mitandrina ny didiko no mitoetra ao Amiko, ary Izaho kosa ao aminy. Ary izao no ahafantaranareo fa mitoetra ao aminnareo AHO, dia ny Fanahy Izay nomeko anareo."* Fa raha tsy fantatrareo izany dia mahavery. Fa raha mamantatra izany hianareo dia sady voavonjy no velona. Matahotra va hianareo amin'ny zavatra ho avy? Mba fantaro ny FANAHY MASINA e! hanaovany ny asany eo aminareo. Mba inoy ny fisian'i JESOSY KRISTY mba handraisany an-tânana anao. Ary fantaro IZAHO JEHOVAH Ilay Mpamorona hamenoako ny banga rehetra eo amin'ny fiainanao. Fa na ho foana sy levona aza ny tany misy fanantenana ny amin'ny fiainana mandrakizay. Na dia misy fampihorohoroana aza manodidina, misy vahaolana azo antoka. Indro AHO maniraka mpanompo eo aminareo mitondra fampianarana, miafara hatramin'ny famonjena ny fanahinareo, maro izy ireny an! **Aoka izay miteny an'i JESOSY KRISTY sy ny fiaretany mba ho famonjena anao no marina** izay nampianariny izay asainy atao izay napetrany. Indro nomena anareo izany ry mpanompoko marobe ka ampitao, torio fa famonjena ny fanahy. Aoka tsy hisy ao aminareo hanandra-tena, hilaza tena, ka miavonavon-kevitra manova fampianarana. Hianareo no mizara sy manome, mampianatra sy mampiorina, mitaiza sy mananatra, aoka tsy hisy tambiny na hatao fikaramana, fa miandry anareo ny vahoaka, ny tokantrano, ny mpivady, ny mpianakavy eny hatramin'ny firenena izay nekenareo tao amin'i JESOSY no ampianaro. Ataovinareo izay hampanankarena ny olona ara-tsaina, ara-batana, ara-panahy, tody eo amin'izy ireo izany rehefa ambaranareo ny Fahamarinana sy ny zava-miafina. Anjaran'i JESOSY no manome ny ara-materialy. Ny anareo mpanompoko, ny anareo mpitory? Zava-miafina tsy takatry ny saina no anjaranareo. Tonga dia Fanjakan'ny Lanitra avy hatrany raha mitory ny Fahamarinana, tonga dia feno e, tafita. Modely sy vavolombelon'izany ry Abrahama, ry Davida, ry Josefa ary ireo Apostoly maro sy ny mpianatra niaraka Taminy ka nino an'i JESOSY ka nomba AZY. Mba vakio ny tantara dia ho fantatrao ny marina. Izany no andrasako aminareo zanak'olombelona tsy an-kanavaka. Fa raha izao fahitako anareo izao dia ny ondry indray no miandry sy mamahana anareo fa tsy hianareo no miandry sy mamahana azy ireo. Aoka izay ny filazan-tena ho zavatra, ny fitokana-monina fa tsy misy toa anao. Ny fanendritendrena sy fanondrotondroana izay toetran'ireo izay tsy mahalala ny Fahamarinana. Aoka izay ny fanompoana sandoka toy ny famadihana ny Fahamarinana rehetra, manatsara ny tena ka miampanga ny hafa. Aiza ny Teniko: MBA HO IRAY IHANY HIANAREO REHETRA". Rahoviana izany, ho tanteraka va izany? IZAHO JEHOVAH mamaly toy izao: "ASAKO AO ANATIN'NY INDRAY MIPI-MASO IZANY KA TSY MAINTSY TANTERAKA". Ny amin'izao sisa izao, tsy misy anareo olombelona intsony na ny fahalalanareo na ny fahaizanareo na ny harenanareo na ny vola anananareo. ***Matio 6: 19*** *"Aza mihary harena ho anareo eto an-tany, izay misy kalalao sy harafesina manimba, sady misy mpangalatra manami-trano sy mangalatra."* Izay lazaiko anareo no aoka ho katsahinareo fatratra sy harahinareo tanteraka. **Hihamafy, hiharatsy izao fiainana izao fa hiseho sy hitranga eny rehetra eny ny toetra ratsy rehetra** izay midika hoe miampanga anareo i losifera. Ka tandremo ny asa atao, ny fiteny miloaka ny vava, ny toerana aleha, ny fanompoana misy hitanao. Tandremo fa miova avokoa izany rehetra izany ankehitriny. Izany anefa no hitsarako anareo. MASINA IZAHO ILAY MITENY ary zavatra Masina no noforoniko, eny hianao olombelona io, masina hianao sy izay momba anao rehetra. Hamasino izay takiako aminao rehetra fa hiverina aty amin'ny Masina hianao raha maharitra hatramin'ny farany ka tsy miovaova na mivadibadika. Sambatra hianao mandre ny Teniko mivantana, miareta tsara fa ady izao fiainana izao. Koa manana torolalana sy toro-hevitra ho anareo AHO JEHOVAH. Mahereza mamaky. ***I Korintiana 1: 30*** *"Fa avy aminy no nanaovana anareo ho ao amin'i Kristy Jesosy, Izay nataoko JEHOVAH fahendrena sy fahamarinana sy fahamasinana ary fanavotana ho anareo"*

Amen!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43²***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

**BORIBORITANY FAHA 6 (CUA)**

## Manatanteraka varavarana misokatra ho an'ny rehetra mandritra ny 2 andro

Nanomboka omaly ary hitohy anio ny varavarana misokatra, karakarain'ny tompon'andraikitra ao amin' ny boriboritany faha 6, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), hampahafantarana ny zavamisy sy ny fomba fiasa ao an-toerana. Ankoatra ny fampirantiana ny fomba fiasa eo anivon'ny boriboritany dia misy ihany koa ny varotra fampirantiana ataon'ireo fikambanana maro samihafa toy ny sembana izay naneho ny hafaliany satria nomen'ny tompon'andraikitra eo anivon'ny boriboritany haja izy ireo, na ao anatin'ny fahasembanana aza, nahafahany nampiranty ny taozavatra ataon'izy ireo. Nisy ny fangatahana nataony, izay avy hatrany dia novaliana fa maimaimpoan avokoa ny fikarakaràn'ny sembana ireo taratasy eo anivon'ny boriboritany. Ankoatra izany teo ireo mpiara-miombon'antoka maro toy ny mpamonjy voina, ny orin' asa maro mpanohana ny hetsika. Tsy adino ihany koa fa nisy ny fanomezan-drà maimaimpoana tao an-toerana, satria



*Ny fanokafana ny varavarana misokatra teny Ambohimanarina.*

Aina ny rà. Tsy ataon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, tarihin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana ambanin-javatra ny fikarakarana tanora, ka hita mandritra izao varavarana misokatra izao ny hetsika ara-panatanjahantena maro toy ny baolina kitra, baskety, fanorona, tsipy kanetibe sns… izay andraisan'ny tanora anjara ao anatin'ny boriboritany. Nanokatra ny fotoana teny an-toerana ny sekretera jeneralin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra Landy Raveloson, izay nisolotena ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana. Nanotrona azy ny delegen'ny boriboritany miisa 6 sy ireo tale samihafa eo anivon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, ny depiote voafidy tao amin'ny boriboritany faha 6 ary olo-manan-kaja maro ao anatin'ity boriboritany ity. Natao izao varavarana misokatra izao hoy ny sekretera jeneralin'ny kaominina Landy Raveloson, mba hahafantaran'ny mponina ny tena zavamisy eto Antananarivo renivohitra amin'ny maha soa iombonan'ny Malagasy azy. Eto dia isaorana ny rehetra nitoto nahafotsy izao hetsika izao satria zavadehibe ho antsika ny zavatra toy izao hoy izy.

***Helisoa***

Fifaninanana Fokontany Madio

## Notolorana loka ireo Fokontany mendrika mpifaninana

Ny volana mey 2019 lasa teo no nanomana ilay fifaninana atao hoe « Fokontany Madio » ny teo anivon'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra (CUA), izay niarahana tamin'ny Fokontany miisa 14 ao amin'ny boriboritany voalohany sy faha efatra. Ny CARE International, miara-miasa amin' ny tetik'asa PIAA : Programme Intégré d'Assainissement d'Antananarivo, izay eo ambanin'ny fiahian'ny MAHTP, na ny Ministère de l'Aménagement du Territoire de l'Habitat et des Travaux Public, vatsin'ny AFD na ny Agence Française de Developpement vola, no nanohana tamin'ny fanaovana izao fifaninanana izao. Notanterahina teny Anosibe Ouest voalohany ny fizarana ireo mari-pankasitrahana ho an'ireo mendrika tamin'ireo Fokontany 14, izay marihina fa ireo Fokontany ireo no manamorona ny lakandranon'Andriatany, tafiditra ao anatin'ny tetik'asa, ka toy izao izany :
-ny voalohany dia ny Fokontany Ampefiloha Cité,
-ny faharoa dia ny Fokontany Lalamby sy ny manodidina,
-ny fahatelo dia ny Fokontany FAAMY,
Ireo telo voalohany ireo dia nahazo fanamiana manokana ho marika hahafantarana fa izy ireo no mendrika tamin'ny fifaninanana Fokontany Madio. Ireo iraikambinifolo ambiny kosa dia nahazo fitaovana iasana toy ny kahie ; penina, sns… Nanatrika ity fotoana ity, nisolotena ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana, Andrimatoa Rakotomalala Yvon sy ireo solontenan'ny Boriboritany tsirairay dia ny lefitra faharoa sy ny mpiaramiasa aminy izany. Ny tanjona tamin'ity fifaninanana ity dia ny mba hananana tanàna madio lalandava lavitry ny aretina sy ara-pahasalamana ary mahasoa ny vahoaka hatrany. Tamin'io fotoana io ihany koa no nanolorana ny hira fanentanana vaovao izay mitondra ny lohateny hoe « Anaty tanàna », izay novokarin'ny Tarika Samoela.



*Solontenan'ny fokontany, anisa n'ny nahazo loka tamin'ny fifaninanana Fokontany Madio.*

***Stefa***

FANADINANA BACC 2019

## Tsy mbola nisy ohatr'ity hatrizay nanaovana e !

Tena tanteraka arabakiteny izany fitenin-jatovo izany raha ny mahakasika ny fizotry ny fanadinana bacc 2019 teo no resahina. Voalohany dia : sambany tao anatin'ny 20 taona vao nisy bacc tratra aoriana toy izao, ka volana oktobra vao natao. Faharoa dia : tena nafotaka ny fandrenesana ny fiparitahan'ny laza adina na tamin'ny fampianarana ankapobeny na tamin'ny fampianarana teknika, ary tsy tamin'ny taranja iray fa maro. Fahatelo dia niharihary fa tsy voafehin'ny fanjakana mihitsy izany, ka dia nisy ny fampiasana ireo mpitandro filaminana, izay tonga nampihorohoro ny mpianatra tsy manan-tsiny, ary dia niteraka tsy filaminantsaina ho an'ny mpiadina maro izany. Afaka hanadio sy hanamarin-tena ny mpitondra fa nisy ny antony ara-boajanahary toy ny oram-baratra sy rivotra nifofo ka nampiendaka hatramin'ny tafon'ny toeram-panadinana tany Andramasina. Saingy safidin'iza moa no nanao izay hahatonga ny fanadinana ho volana oktobra, izay efa fantatra fa hanombohan'ny fahavaratra ? Tany Imerintsiatosika ihany koa dia tao anaty orambaratra no nanaovana ny fanadinana ny harivan'ny talata, ary dia nitete tsy nisy toy izany ny tafon'ny sekolim-panjakana, ary dia lena daholo ny taratasim-panadinana. Fanampin'izany dia tara ny fahatongavan'ny laza adina ka tamin'ny 7 ora hariva dia mbola tsy vita ny fanadinana tamin'ny toerana sasany, ary dia labozia no nifampitsilovana tamin' izany. Manginy fotsiny tany amin'ny teknika ny nandrenesana hoe fizika no tokony ho laza adina nefa dia laza adina frantsay no nozaraina. Tao ihany koa ny tsy fitovian'ny ora nanombohan'ny laza adina fa ny sasany tamin'ny 8 ora, ny sasany tamin'ny 9 ora ary teny Itaosy dia nisy ny tamin'ny 10 ora vao nanomboka noho ny fahataran' ny laza adina. Nisy ihany koa ny laza adina efa voazara dia nahorona indray fa hoe nisy fuite, nefa nony avy eo dia iny ihany no naverina natao. Fa ny nampieritreritra ihany koa dia ny laza adina filozofia tamin'ny mpiadina sokajy A. Izao izany : ny fanjakana dia mila hery, mampihàtra lalàna sy hafetsena mba hitondrana vahoaka hoy Nicolas Machiavel.Toa tena fiampangana mazava sy mivantana ny ataon'ny mpitondra ankehitriny izany lohahevitra izany. Mamboamboatra sy mamorona lalàna hiarovany ny tombontsoany fotsiny ny mpitondra ankehitriny fa tsy misaina izay tombontsoam-bahoaka. Ary dia mampiasa hafetsena isan' andro hanatanterahana izany. Asa indray ny hilazana ity bacc 2019 ity na bacc manara-penitra na bacc maty hasina, fa ny mampalahelo dia ny mpianatra izay tsy manan-tsiny foana no hiharan'ny tsy fahombiazan'ny mpitondra. Efa nianatra nandritry ny 11 volana tamin'ity taon-tsekoly 2018-2019 ity nefa dia izao no niafaran'ny fanadinana natrehina. Dia mba rahoviana vao hahay hiala tsiny noho ny tsy fahombiazany ny mpitondra ankehitriny ? Fa dia tena tsy mbola nisy ohatr'ity aloha hatrizay nanaovana e !

***Ny Valosoa***

Fanadinana Bakalorea

## Ho sahiran-tsaina izay hitsara ny fanadinan'ny mpiadina

Tranga tsy mbola fahita teto amin'ny firenena ny mitranga tamin'ity fanadinana bakalorea 2019 ity, eny na dia efa nisy ihany aza tany aloha dia tsy mitovy mihitsy tamin'izao farany izao. Tsy toerana iray ihany no nitrangan'ny olana fa nanerana ny faritra maro teto amin'ny firenena mihitsy, ary ny fanatanterahana azy dia tena nampiteny ny moana. Be tsy tambo ho isaina ny adihevitra sy fanehoan-kevitra amin'izany, fa ny horesahana hafa eto dia ny ho fahasahiranan-tsain'ny mpampianatra izay hitsara ny fanadinana. Ho amin'ny lafiny inona no hitondrana ny fitsarana? Hiezaka hahazo ny olan' ny mpianatra voakorontana ara-tsaina sady tsy nanao n'inona n'inona ve ? Sa hitondra ny antsibe famaizana, ka ho hentitra tanteraka ny fitsarana noho ny fiheverana fa tsy madio ny fanadinana? Sa ho eo afovoany, ka hitsara amim-pahitsiana efa mahazatra ny tena mpampianatra marina ? Etsy ankilan'izay koa anefa, ho inona ny teny midina avy amin'ny tomponandraikitra amin'izy ireo? Satria na ho ratsy na tsara izay ho voka-panadinana eo dia tsy maintsy hisy tsikera avy amin'ny fomba fijery samihafa. Ho tery izany ny lalana hizoran'ny mpampianatra mpitsara ny fanadinana bakalorea amin'ity indray mitoraka ity ary ilàna fahamalinana fatratra ny amin'izay ho fanapahan-kevitra raisiny eo.

Izao no vokatry ny fanaovana an-tsirambina ny fampianarana. Ity sehatra ity, efa an-taonany maro no narary. Efa nitondra teto amin'ny firenena nandritry ny tetezamita tao anaty dimy taona be izao Rajoelina, ary dia efa tokony nahita ny hanasitranana azy raha niakatra teo amin'ny fitondrana indray. Tsy natao ho laharam-pahamehana, ary tena maika tanteraka anefa izany sehatry ny fampianarana izany, fa zavatra hafa no nahamaika. Toy ny aretina sarotra sitranina mahazo marary iray, dia misy fotoana hihetsehan'ny aretina mafy na krizy. Dia toy izany ny zava-mitranga ankehitriny. Natao an-tsirambina ny fitsaboana hany ka tsy maintsy misy ny fisehon'ny aretina mahery vaika kokoa. Ary mbola hiverimberina ihany io olana eo amin'ny sehatry ny fampianarana io raha mbola toy ny teo aloha ihany ny ho fomba fiasa, sy variana manao kajikajy amin'ny sehatra hafa sy politika hatrany no ialohavana ny asa izay atao rehetra.

***Radafy***

Fifamoivoizana

## Hentitra ny fisavana nataon'ireo polisy ny môtô omaly

Nanao ezaka be tamin'ny fisavana ireo môtô nifamezivezy teto an-drenivohitra omaly ry zareo eo anivon'ny polisim-pirenena. Tamin'ny toerana samihafa no nisian'izany. Ny taratasy momba ny môtô no nosavaina tao anatin'izany. Maro no tsy nanampo loatra ity hetsika nataon'ny polisy ity, hany ka sahirana ireo efa zatra ny gaboraraka amin'ny fampiasana ity fitaovam-pitaterana kely manana kodiarana roa misy môtera ity. Miha-mahazo vahana hatrany ny fampiasana môtô eto an-drenivohitra amin'izao fotoana izao, noho ny fitohanana miseho lany isan'andro. Fitaovana mahomby ao anatin'izany izy io, mba hahafahana manenjika fotoana samihafa. Ny vidiny ihany koa dia maro no mahatakatra azy matoa mitombo ireo magazay mpivarotra azy no mitombo ihany koa ireo garazy mpanamboatra ny simba. Eo ihany koa anefa, etsy andanin'izay, ny halatra môtô ary indrindra fitaovana ampiasain' ireo jiolahy ihany koa ny môtô, ary vao tsy ela no nalaza ny asa ratsin'izy ireo, ohatra, teny Isoraka. Mazava loatra fa izany no anisany antony nahatonga izao hetsika lehibe ataon'ny mpitandro filaminana izao.



*Ny fisavana moto nataon'ny polisy omaly.*

***Radafy***

Barea CHAN

## Hikatroka amin'ny ekipan'ny Zanakala rahampitso etsy Mahamasina

Kitra - CHAN 2020: hiatrika lalao ara-piralahina roa ny Barea CHAN (Championnat d'Afrique des Nations. Ao anatin'ny fampivondronana eny amin'ny CTN Carion ireo mpilalao mandrafitra ny Barea CHAN ankehitriny. Hisy lalao ara-piralahina roa hitsapana ny mpilalao sy hanamafisana ny fahaiza-miaraka mialoha ny ho fiatrehana ny lalao miverina izay hifanandrinan'i Madagasikara amin'i Namibia ny 19 oktobra 2019 izao. Hatao eo amin'ny Kianjaben'i Mahamasina ireo lalao ara-piralahina roa ireo, hifandonan'ny Barea CHAN amin'ny Zanakala rahampitso alahady 06 oktobra, avy eo ny ekipa voafantina Analamanga no hihaona amin'izy ireo ny sabotsy 12 oktobra 2019.

***Lita***

Mpampianatra eto Madagasikara

## Tsy mbola tafarina ny hasiny

Mila mifofotra mamerina ny hasin'ny mpampianatra ny fitondrana raha tiana ny hanarina ny lanjan'ny fampianarana eto Madagasikara. Iaraha-mahalala tsara ny anjara toeran'ny mpampianatra amin'izao fotoana izao, indrindra tamin'ny zava-nitranga tamin'ilay mpampianatra iray teny amin'ny sekoly iray teny Anjanahary tamin'ny fitondrana Rajaonarimampianina sy ny ministry ny fanabeazam-pirenena Paul Rabary. Niafara tamin'ny fampidirana am-ponja ilay ramatoa mpampianatra ny raharaha fikasihin-tanana mpianatra. Nanomboka teo no ratsy toerana teo imason'ny mpianatra ny mpampianatra, izay nanampy trotraka ny efa tsy fanomezan-danja azy eo imason'ny fanjakana. Tsy niezaka ny nanarina izany, raha ny zavatra hita hatreto, ny fitondrana Rajoelina. Ary sarotra ihany ny toerany ao anatin'izao olana mitranga eo amin'ny fanadinana bakalorea izao. Andro iraisam-pirenena ho an'ny mpampianatra ity andron'ny 05 Oktobra ity, izay tsiahivana sy hanentanana ny amin'ny maha zava-dehibe ny lanja sy ny andraikitry ny mpampianatra ao anatin'ny rafi-panabeazana. Raha hitsinjo marina ny hanatsara ny hoavin'ny taranaka sy ny firenena any aoriana isika, dieny izao dia mila ifotorana ny fanomezan-danja sy ny fanatsarana ny tontolo iainan'izy ireo.

***Radafy***

9 - 12 oktobra

## Ho ambohimpihaonan'ny polisy vavy sy vehivavy vadina polisy i Toliara

Ho tanterahana any Toliara ny zaikabe faha-2 ny fikambanan'ny vadina polisy sy ny polisy vavy. Hatao ny 09 ka hatramin'ny 12 oktobra 2019 izany zaikabe andiany faha-2 an'ny Fikambanan'ny Vadina Polisy sy ny Polisy Vavy na FIVAPOVA izany. Mpizaika mahatratra 2000 mahery no andrasana any Toliara, avy amin'ny lafy valon'ny nosy satria misy FIVAPOVA avokoa ny sampandraharahan'ny polisim-pirenena manerana ny nosy. « Vehivavy misitraka ny zony, antoky ny fampivoarana ». Io no lohahevitra hitondrana ity hetsika ity, izay ahitana carnaval, fifaninanana ara-panatanjahantena, fifaninanana vakodrazana, fifafinanana hatsaran-tarehy sy bika, tsenan-kevitra mahakasika ny zon'ny vehivavy, fivoriambe ara-potoana ary faranana amin'ny alavoly sy nofon-kena mitam-pihavanana ny fiarahan'izy ireo.

***Naina***




*Ireo anisan'ny mpitarika ny FIVAPOVA.*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny Filoha Marc Ravalomanana nanatrika ny fankalazana ny fetim-pirenen'i Allemagne ny 3 oktobra lasa teo.









Ny fitsidihana nataon'ny kandida N°2 Rina tany amin'ny Boriborintany faha-4.







